TATITRA

NY VEHIVAVY SY NY FIFIDIANANA IFOTONY

DINGANA FAHA 4-7-8

Firenena: Madagasikara

Koaminina: BETIOKY SUD

Daty: 24-25-26-27 SEPTAMBRA 2012

FIZAHAN-TAKILA

FANOLORANA

Ity tatitra ity dia entina hamintinana ireo hevi-dehibe nisongadina nandritra ny atrikasa izay notontosaina tao amin'ny kaominina Betioky sud ny 24, 25, 26, 27 Septembre 2012 , tao amin'ny Tranom-pokonolona Betioky . Atrikasa izay natrehan'ireo tompon'andraikitra eo amin'ny kaominina, ireo mpiandraikitra eo amin'ny sehatry ny fampianarana, ny fahasalamana, ny Kolontsaina, ny mpiasa tena, ny mpiasan'ny kaominina ary ireo avy amin'ny fikambanana vitsivitsy eo amin'ny tanàna.

Ny tanjona nandritra ny atrikasa dia ny hampahafantarana bebe kokoa ny hevitra ijoroan'ny miralenta sy ny fampifandraisana izany eo amin'ny fampandrosoana ny kaominina ary ny fanentanana mba hampiakarana ny tahan'ireo vehivavy hilatsaka ho fidiana

Lohahevitra enina mazava no nodinihana nandritra ny efatra andro, ireto avy izany:

-Lohahevitra voalohany: Hevitra fototra iompanan'ny miralenta, izay nahitana ny fanavahana ny miralenta sy ireo toetra voajanahary eo amin'ny maha lahy sy ny maha vavy ary ny famaritana ny atao hoe fiheverana raiki-tampisaka.

-Lohahevitra faharoa: Miralenta sy fitondram-panjakana, izay nampisongadinana ireo sakana mahatonga ny vehivavy tsy hiditra eo amin'ny sehatra pôlitika ka tsy hitondra fanovana.

Lohahevitra fahatelo: ny fitsinjaram-pahefana, ny fanampariaham-pitondrana , ny kaominina ny anjara asa sy andraikitra sahan'ireo rantsamangaikadia ny Ben'ny Tanana sy ny mpanolontsaina

Lohahevitra fahefatra: NY tetika sy paika ahatongavana ny miralenta: filana fototra sy ny filana maharitra mila paikady, narahan'ny tetikasam-piaraha-monina

Lohahevitra fahadimy: NY paikady ny serasera

Lohahevitra fahaenina: Ny teknolojia sy fifandraisana

Maro ireo olona tonga namaly ny antso nandritra ity atrikasa ity ary tsikaritra fa saika hita tao avokoa ireo solon-tena avy amin'ny sehatra rehetra (Jereo Tovana A: Lisitry ny mpandray anjara)

Araky ny hevitry ny maro dia nanampy betsaka tamin'ny fahazoana ny miralenta ny atrikasa izay natao. Porofon'izany ny valin'ny tombana izay nofintinina ao amin'ny Tovana B.

TANTARA

Tamin'ny taona 2003 no nanaovan'ny GENDER LINKS fanadihadiana feno momba ny fiantraikan'ny fandraisan'ny vehivavy anjara amin'ny politika tao amin'ny FAA (Fifanarahan'ny Faritra Atsomon'i Afrika). Anisan'ny zava-dehibe tsapa tao amin'ny "Ringing up the Changes, Gender in Politics in Southern Africa" na "Famohazana amin'ny torimaso ka hirosoana amin'ny fanovana sy amin'ny Miralenta eo amin'ny sehatra politika ao amin'ny faritra FAA" fa ny fitondrana ifotony dia sehatra iray izay mampalahelo fa nohamaivanina tao amin'ireo lahateny aman-tsoratra mikasika ny Miralenta sy ny fitondrana ifotony. Vokatr'izany, nanao fikarohana mamaky lay ny GENDER LINKS tamin'ny taona 2006/2007 tao amin'ny Coalface: Gender and local government, (sur le terrain: Genre et collectivité locale na eny an-tsehatra: Miralenta sy Fitondrana ifotony) tany Afrika, Lesotho, Maurice ary Namibie.

Hita tamin'io fanadihadiana io fa vitsy ny fampiharana natao mba hametrahana ny foto-kevitry ny Miralenta amin'ny drafitra fampandrosoana rehetra eo anivon'ny fitondrana. Vitsy koa ny fanamafisana ny fahaiza-manaon'ireo mpanolo-tsain'ny Kaominina hahay hitarika asa. Nanombika tamin'izay dia nitarina tamin'ny firenena sivy hafa ny fanadihadiana. Eo amin'ny fomba fiasa indray: raha vao vita ny tatitra an-tsoratra momba ny fikarohana natao dia nanao fampiofanana momba ny fampahafantarana sy ny paika any amin'ireo firenena tsirairay avy ireo miaraka amin'ireo mpiombona antoka sy ny mpiara-miasa fototra ny GNDER LINKS.

Ny tsara indrindra aza dia miaraka amin'ireo fikambanana miankina amin'y Fanjakana ifotony ao amin'io firenena io no hanoritana ny lalana hanatanterahana ny paika sy hanaovana ny atrikasa momba ny drafitrasan'ny Herisetra sy ny Miralenta ao amin'ny faritany, faritra ary distrika. Izany dia natao mba hanamarinana fa manana drafitrasa momba ny Miralenta daholo ny Kaominina rehetra. Tamin'ny volana Marsa 2010 dia nanao ny Fivoriana an-tampony voalohany momba ny fampanjakana ny rariny eo amin'ny Miralenta sy ny fitondrana ifotony ary ny fanambiny ny GENDER LINKS mba hanangonana ny porofon'ireo fanapahan-kevitra arahina asa noraisin'ny fitondram-panjakana sy ny olon-tsotra hampitoboana ny fahefana ananan'ny vehivavy sy hampitsaharana ny Herisetra.

Fizotrin'ny atrik'asa:

- Tonga ara-potoana ny mpizaika, ary feno ny isa 25 mianadahy ka ny 5 @reo dia avy any @ kaominina ivelany.
- Tonga nanatrika ny fanokafana ireo manampahefana isan'ambaratongany tao antoerana, izay notarihin'ny lehiben'ny District .
- Nandray fitenenana voalohany ny mpampiofana, nanazava :

  - Ny fiaraha-miasan'ny GL sy ny PNUD
  - Ny tanjon'ny atrik'asa : mahakasika ny miralenta , fanentanana ireo vehivavy mba ho tafiditra eo @sehatry ny fandraisana andraikitra, hapakatra ny tahan'ny vehivavy hilatsaka ho fidiana Ben'ny tanana sy mpanolo-tsaina .
  - Ny fizotry ny atrik'asa:

    - ✓ Ity atrik'asa ity dia dia tohin'ny atrik'asa izay natao tany TOLIARA t@ 31 Aogositra natrehin'ny lehiben'ny District n'ny BETIOKY SUD sy ny PDS izay nanangona ny trara ho fantatra mikasika ny Kaominina eo anivon'ny Dist(Stage 1-2)
    - ✓ Fandaharam-potoana sy faharetan'ny atrik'asa ao anatin'ny 4 andro ary filazalazana ireo laha-dinika.

  - Nirarisoa ny hahavitan'izany atsakany sy andavany

- Nandray fitenenana ny PDS napahafantatra :
  - Ny mombamomba ny Kaominina
  - Ny anjara-toeran'ny vehivavy raha oharina @Lehilahy manoloana ny zava-misy
  - Nilaza ny fahavononany handry ny atrik'asa izao sy ny hanatrehany izany hatramin'ny farany.
  - Nisaotra sy nankahery mialoha ny mpampiofana hahatontosa ny adidy.

- Nandray fitenenana ny lehiben'ny District :
  - Nohamafisiny fa tohin'ny stage izay natrehin'izy sy ny PDS tany TOLIARY izao atao izaoavy
  - Nambarany fa 0% ny isan'ny Ben'ny Tanana ,Mpanolotsaina ary chef Fokontany eo anivon'ny Dist BETIOKY SUD.Izany anefa dia miankina @ fahavononan'ny Vehivavy hilatsaka ho fidiana
  - Nanokatra @ fomba ofisialy ny atrik'asa

- Fifampahafantarana teo @ mpanatrika sy ny mpandray anjara

- Nampahafantatra ny mpizaika ny programa ny mpampiofana, ka ny lohahevitra t@zany dia nizara ho lahadinika 5, izay ho tsinjaraina mandritra ny 4 andro.

LAH 1: **HEVITRA FOTOTRA IOMPANAN'NY MIRALENTA**

Zaraina ny boky

Mba hitaritana ny sain'ny mpizaika aorian'ny fanazavana ny mahakasika ny tanjon'ny lohahevitra: **Genre et Sexe , voajanahary sy novolen'ny fiaraha-monina** dia nozaraina ny cartonette nasiana ireo toetra ireo sy asa, dia natao fampiasana izany.

Avoitra amin'izany koa ny fiheverana raiki-tapisaka(Tantara ao @ pejy 27) mijery boky. Tamin'ny alalan'ny fizarana groupe 4(asa tarika) ireo mpiofana, no nanatanterahana ny fampiasana ka samy nomena lohahevitra ny Groupe tsirairay. Io asa tarika io dia efa fampianarana azy ireo hiteny, haneho hevitra,ary ho sahy.

GROUPE	LOHAHEVITRA
1	**Ohabolana sy Fomba fiteny** ✓ Akoho vavy tsy maneno an-tana ✓ Ajaja amin'ampela ✓ Ampela tsy mita hazomanga ✓ Laha mitera-behivavy lazaina hoe andevo
2	**Hira** ✓ Black Nadia=> Ampiasao le system ✓ Ny Ainga=> Ikalazaninina ✓ Jean Aime=> Participation
3	**Teny avy @ Baiboly** ✓ Ny vehivavy tsy misy lehilahy dia toy ny saha tsy misy masomboly ✓ Nohariana voalohany ny lehilahy ✓ Nalaina t@ taolantehezan'ny lehilahy ny vehivavy
4	**Mijery Gazety** ✓ Isan'ny : LAHY: 42 VAVY: 36 ✓ Asan'ny: LAHY: Mitako razana(Famadihana) Dahalo, ;panenjika dahalo, mpanao politika VAVY: Mitsinjaky, manao PUB

<u>Famintinana</u>

Tao aorian'ny asa tarika; rehefa natao ny ady hevitra dia tsapa fa resy lahatra ny rehetra ary mahay manavaka fa :

- Ny oa-janahary dia tsy azo ovaina
- Ny raiki-tapisaka kosa dia ny fiaraha-monina no nametraka azy(misy awo ovaina)

Izany dia nanamora ny ny fidirana @ lohahevitra manaraka

LAH2<u>: NY MIRALENTA SY NY FITONDRAM-PANJAKANA ARY NY FITARIHANA MITONDRA FANOVANA</u>

Tsy nananosarotra ny fampidirana ny laha-dinika faha2 noho ny fanatrehan'ireo manampahefana teo antoerana t@ fanokafana.Izany dia efa nahatsapan'ireo mpiofana fa mifandray ny fitondram-panjakana sy ny miralenta fa tsy tonga tonga hoazy na atao fotsiny.

Nohazavaina aloha ny tsingerina ao **@Boky Pejy 38** hitaritana ny sain'ny mpizaika mba hidirana @ asa tarika dia ny fahazoa-miditra, fandraisana anjara, mitondra fanovana.

Teto dia nozaraina Groupe 3 ireo mpiofana, ka samy nomena lohahevitra tsirairay avy

G1: Fahazoa-miditra

SAKANA	VAHA OLANA
✓ Tsy fahaiza-mamakiteny sy manoratr	➢ Tokony hianatra daholo na ny lahy na ny vavy
✓ Saro-kenatra ao @ fivoriana	➢ Mila fampirisihana eo @ sehatr'asa atao
✓ Tsy fahampian'ny fiainana	➢ Mila fanohorena mba ho tonga @ laoniny
✓ Fomba amam-panao	➢ Miara-mientana sy miray hina @zay zavatra atao rehetra
✓ Vady mamarahy(saropiaro)	➢ Fandresen-dahatra ny mpivady Fiovan'ny toe-tsaina

G2: Fandraisana anjara

SAKANA	VAHA OLANA
➢ Tsy ekeny na tsy tian'ny lahy handray anjara ny vehivavy	➢ Mandresy lahatra sy manentana ny mpiara-monina mba hahazo mandray anjara
➢ Tsy fananana fahasahiana	➢ Mila mijoro, tsy miverin-dalana
➢ Tsy fahaizana taratasy	➢ Mila mianatra mahay mihaino
➢ Tsy fiovana @ fahazaran-dratsy	➢ Fanarahana ny torohevitra sy torolalana ary vaovao
➢ Ireo fomba amam-panao	➢ Fanentanana
➢ Tsy fahalalana ny andraikitra	➢ Fanentanana, fiofanana

G3: Mitondra fanovana

SAKANA	VAHA OLANA
✓ Fanenjehana, fanambaniana, horohoro	➢ Tsy firaharahaina resaky ny tsy tia

✓ Traikefa ✓ Fomba fiteny ✓ Fiaraha-monina ✓ Tsy fihainoana ny hafa ✓ Tsy fisian'ny fanohanana ara-bola,ara-kevitra, ara-tsaina	➢ Fanamafisan-kevitra ➢ Mila mijoro amin'ny marina ➢ Tsy matahotra ➢ Fiezahana ➢ Mila matotra ➢ Tsy miolinolina, mivelatra @rehetra ny fifandraisana ➢ Fahaiza-mihaino ➢ Fitadiavana mpiara-miombin'antoka

Famintinana:

- Hita fa sakana goavana aty @ faritra BETIOKY dia ny ***Fomba amam-panao***, ohatra amin'izany *ny* ***RAZANJAHA.***Izay midika hoe: Ny lehilahy ihany no tsy ,aintsy loham-pianakaviana.

- Eo ihany koa ny fandroahan'ny chef Fokontany ny vehivavy tsy hahazo mamonjy fivoriana, midika izany fa tsy henoina feo mihitsy ny vehivavy.

Naroso avy hatrany ny vahaolana ary izany no anisany tena naneho ny fahavononan'izy ireo, sy fanehoany fa azony tsara ny tanjon'ny atrik'asa ary mba hanamora ny fanatanterahana izany.

Vahaolana:

Koa satria efa miara-miasa ny Miralenta sy ny Fanjakana dia mangataka izahay eto BETIOKY mba tena hatao fiaraha-miasa @ chef District sy ny Ben'ny Tanana ny fampiofanana ny chef Fokontany 368 any antoerana.

Izany dia mba ho fandresen-dahatra azy ireo ,sy tena hahafantarany ny antony ilana ny vehivavy handray andraikitra izay hita fa maro anisa tokoa eo @ fiaraha-monina sy mba tsy ho vesatra. Ary hametraka ny fampiofanana ho toin'ny fandaharan'asan'ny kaominina ny Ben'ny Tanana. Amin'izay dia ho mora ny firesahana sy fandresen-dahatra ny olobe izay anisany sakana @ fametrahana ny vehivavy hitondra.

Fangatahana:

Nangataka ihany koa izy ireo ny hanaovan'ny mpampiofana fandaharana isan-kariva avy hatrany @ RADIO ao BETIOKY hapahafantatra ny rehetra ny fisian'ny atrik'asa sy ny antony ary ny tanjona mba tsy ho tompotrano mihono ny vahoaka sy mba hisarihana ny sainy.

Ny famoriana ny chef Fokontany avy hatrany t@ andro faharoa, izany dia natao t@ fotoana fisakafoanana mba handresy lahatra sy hampahafantatra azy ireo ny tanjona hanamorana ny fidinana any ifotony rehefa manao fanentanana ny mpiofana aorian'ny fiofanana.

Fanamarihana:

Tsapa fa rehefa natao ireo fangatahana ireo dia maro ireo liana sy te hahawo fiofanana, ary ireo chef Fokontany dia niaiky fa ilaina ny fanehoan-kevitry ny vehivavy @ lafiny rehetra.

LAH3: **FITSINJARAM-PAHEFANA, FANDRAISAN'NY VEHIVAVY ANDRAIKITRA EO AMIN'NY SEHATRY NY FANAPAHAN-KEVITRA EO AMIN'NY FITANTANANA IFOTONY**

(Campagne 50/50)

Ampahafantarina sy itaritana ny sain'ny mpizaika ny fampahafantarana ny Fitsinjaram-pahefana,Fanapariaham-pahefana ary ny Kaominina.

Fampahafantarana azy ny tanjon'ny lohahevitra

Omena azy ny:

- ✓ Isan'ny KAOMININA eran'ny Madagasikara
- ✓ Ny Ben'ny Tanana vehivavy eran'ny Madagasikara
- ✓ Ny Mpanolotsaina sy chef Fokontany vehivavy eran'ny Madagasikara

Nampanaovina ny asa tarika ka mizara Groupe roa ny mpiofana, ny iray mamaritra ny andraikitry ny Ben' ny Tanana ary ny iray ny Andraikitry ny Mpanolotsaina

Groupe	1	2

Lohahevitra	Ben'ny Tanana	Mpanolotsaina
Asany	✓ Mampandroso ny Tanana ✓ Mijery ny fotodrafitr'asa izay hatao eo @ Kaominina hotantaniny ✓ Miandraikitra ny soram-piankohonana ✓ Mamory ny mpanolotsaina manatanteraka ny hevitra tapaky ny mpanolotsaina ***<u>Oh</u>: Hanao fotodrafitr'asa iray*** ✓ Manara-maso ny vola miditra eo @ Kaominina tantaniny ✓ Miantoka ny fampandehanan-draharaha ✓ Mamolavola ny teti-bola hampiasaina mandritra ny Taona	✓ Manapa-kevitra ✓ Manara-maso ny zava-misy ✓ Maminavina ny asa tokony hatao eo @ Kaominina ✓ Mpanapaka ny tetibola hampiasain'ny Kaominina mandritra ny taona ✓ Mampiravona disadisa eo anivon'ny Kaominina

<u>Famintinana</u>

Taorian'ny fampahafantarana ny asan'ny Ben'ny Tanana sy ny Mpanolotsaina, ny fifampizarana sy fifanakalozan-kevitra, ny seho sehatra nataon'ny olomboafidy.Noho ny fahavononan'ny mpizaika dia nametraka fanamby avy hatrany.

Naseho aloha ny isan'ny Lahy sy ny Vavy eo @ sehatry ny fanapahan-kevitra eo @ kaominina ny BETIOKY izay nahitana fa t@ fifidianana 2004 no mba nisy Mpanolotsaina 1(iray) ihany.

Fanamby

Fampakarana ny tahan'ny vehivavy hilatsaka ho fidiana hanao ny asan'ny Ben'ny Tanana sy ny mpanolotsaina.

50% ny Mpanolotsaina eo BETIOKY aloha dia mba ho Vehivavy

2013: Farafahakeliny Mpanolotsaina vehivavy 4(efatra) no ho hita ao @ Kaominina BETIOKY.

Amin'izany dia mba ho heno feo ny vehivavy raha mahatratra ny atsasa-manila ny isany.

LAH4: **FILANA FOTOTRA ANDAVAN'ANDRO SY NY FILANA MAHARITRA MILA PAIKADY**

Itaritana ny sain'ny mpizaika aloha ny hoe tsy afa-misaraka ny Miralenta sy ny Fampandrosoana satria noho ny hamaroan'isa ny vehivavy, ny maha hevitra raiki-tapisaka an'ireo olana heverina ho sakana. Tsy apetrapetraka fahatany ny Miralenta fa misy fiaraha-miasa @ Fanjakana.Ny fanaovan'ny vehivavy politika dia mba hampisy ny fanapaha-kevitra mitovy.

Tetik'asa mahakasika ny Lahy sy ny Vavy no atao.

Projet de societe

FAMOLAVOLANA NY PROJET DE SOCIETE : Tableu mitokana

LAH5 : FANDRESEN-DAHATRA AMIN'NY ALALAN'NY FAMPIASANA NY TAKNOLOJIAN'NY TOROHAY

Fitaritana ny sain'ny mpizaika, @ alalam'ny fivoaran'ny teknolojia maro ary efa tafiditra @ fanatontoloana isika izao.

Hoan'ny BETIOKY manokana dia efa misy ny "**Telephone"** izay ahitana ny operateur rehetra , ara-dalana tsara ny fifandraisana

Fampianarana ny "**Internet"** hany ka samy nahasokatra Adresse e- mail daholo ny mpizaika izay anisany teboka iray tena naha velombolo ny tsirairay. Satria nitombo indray ny fitaovan-tserasera , na dia misy aza ny indrokely indraindray dia ny tsy faharahan'ny herin'aratra ao BETIOKY.

Famintinana:

Resy lahatra izy ireo satria tratra daholo ny tanjon'ny atrik'asa ary dia nangataka ny fitohizan'ny fiofanana izy ireo.

Tamin'ny farany vao nanao " **ny fanaovan-tsonia ny fiaraha-miasa(protocol d'accord)"** ny roa tonta izay natrehin'ny manam-pahefana(Lefitry ny Distrika)

Tamin-kafaliana no nanaovana izany ary nanaporofoan'ny mpitondra sy ny mpizaika tafita ny tanjona ary vonona @ fiaraha-miasa satria afa-po t@ fizotry ny atrik'asa.

FAHATRARANA NY TANJONA

- Niampy ny fahalalan'ireo mpandray anjara momba ny fifanarahana eo amin'ny FAA.
- Azon'ireo mpandray anjara ny foto-kevitra iompanan'ny miralenta
- Ny fifehezana ny fitsnjarama-pahefana ,ny fanampariaham-pitondrana ,ny kaominina sy anjara asa sy andraikitr' ireo rantsa-mangaika ka nahafahany nandray fanampahan-kevitra avy hatrany ny sehatra hilatsahany na ho ben'ny Tanana na mpanolon-tsaina
- Ny fahaizana maneho hevitra @ fitaovan-tserasera isan-karazany no nahafahany manohana ny tetikasam-piaraha-monina entina mandresy lahatra ny vahoaka
- Ny nahazoana ireo kaonty e-mail teo @ tsirairay dia fitaovana ilaina @ fifandraisana na any ivelany na eto an-toerana @ alalan'ny taratasy elektronika haingana
- Maro ny fahavononana ny hilatsaka ho fidiana taorian'ny fiofanana
- Manana ny fahavononana ny hampiatra ny miralenta eo amin'ny kaominina ireo mpandray

IREO FANAMBY

- Fandresen-dahatra eo amin'ny fampiharana ny miralenta
- Fampakarana ny tahan'ny vehivavy hilatsaka ho fidiana
- Fahantrarana ny tanjona 50/50 amin'ny taona 2015 mba handray anjara mitovy ny lahy sy ny vavy eo @ sehatry ny nfanampahan-kevitra mba hitondra fampandrosoana
- Fanatanterahana ny paikady miralenta eo amin'ny kaomina
- Fanentanana ny vehivavy mba handray anjara amin'ny fampandrosoana

TOVANA A: FANDAHARAM-POTOANA

FIOFANANA « FEMMES ET PROCESSUS ELECTORAL »
REGION ATSIMO ANDREFANA
FANDAHARAM-POTOANA

ORA	LAHADINIKA	TOMPON-ANDRAIKITRA	FITAOVANA AMPIASAINA
ANDRO VOALOHANY			
08:00 -8:30	Fandraisana ny mpiofana		
8:30- 9:30	Fanoritsoritana ankapobeny ny fiofanana : – Fiitaovana sy ny fifanarahana iraisam-pirenena, isam-paritra,sy ny nationaly – Ny tanjon'ny atrikasa – Fifanaraham-piaraha-miasan'ny GL/PNUD Lahateny ifandimbiasan'ny manam-pahefana	Mpampiofana GL Ben'i Tanana, Chef de district	
9:30-10:00	Fampafahantarana eo @ mpiofana Fanolorana ny fandaharam-potoana	Mpampiofana GL	
10:00-10:15	**FIANTONA KAFE**		
10:15-10:30	Fitsipika sy ny fomba fiasa	Mpiofana sy ny mpampiofana	
10:30-11:15	HEVITRA FOTOTRA IOMPANAN'NY MIRALENTA Mahalahy sy mahavavy, Miralenta, Raiki-tapisaka	Mpampiofana GL	Manuel «Fametrahana ny miralenta ifotony »
11:15-12:00	Asa tarika	Mpiofana	
12:00-12:30	Famintinana isaky ny tarika	Mpiofana	
12:30-12:45	Famintinana	Mpampiofana	
12:45-14:00	**SAKAFO ATOANDRO**		
14:00-14:30	MIRALENTA SY NY FITONDRAM-PANJAKANA Fanorintsoritana lohahevitra : (Fahazoa-miditra- Fandraisana anjara- Fanovana)	Mpampiofana	Manuel «Fametrahana ny miralenta ifotony »

ORA	LAHADINIKA	TOMPON-ANDRAIKITRA	FITAOVANA AMPIASAINA
14 :30-15 :15	Asa tarika (tarika telo)	Mpiofana	
15 :15-15 :45	Famintinan'ny tarika telo	Mpiofana	
15 :45-16 :00	Famintinana ankapobeny : Nahoana ny mpifidy no mifidy kandida iray ?	Mpampiofana	
ANDRO FAHAROA			
08:30-8:45	Famerenana ny andro voalohany	Mpampiofana sy mpiofana	Tahirin-kevitra
08 :45-10:00	Fanontaniana arahim-baliny : Famaritana ankapobeny ny: – Fintsinjaram-pahefana, fanampariaham-pitondrana – Kaominina	Mpiofana sy ny mpampiofana	Fanehoana slide
10 :00-10 :15	Fizarana tarika		
10 :15-10 :30	**FIANTONA KAFE**		
10:30-11 :00	Andraikitra sy asa : GI : Ben'ny tanana GII : Mpanolon-tsaina	Mpiofana	
11:00-11:30	– Famintinana isan-tarika – Fanontaniana arahim-baliny – Fifampizarana sy fifanakalozan-kevitra – Seho ataon'y olom-boafidy iray (ny toejavatra niainany alohan'ny nahalany azy)	Mpiofana Olom-boafidy : ben'ny tanana na mpanolon-tsaina	
11:30-12:15	Famintinana ankapobeny	Mpampiofana	
12:15- 14:00	**SAKAFO ATOANDRO**		
14:00-14:30	Fanehoana ny fandraisana anjaran'ny vehivavy eo @ sehatry ny fanampahan-kevitra (Taha ambany dia ambany)	Mpampiofana	
14:30-15:15	Filana fototra andavanadro, filana maharitra mila paikady	Mpampiofana sy ny mpiofana	Manuel «Fametrahana ny miralenta ifotony »
15:15-16:00	Fanehoana ny tetikasam-piaraha-monina (projet de société)	Mpampiofana	Caneva
ANDRO FAHATELO			
08:30-8:45	Fampantsiahivana ny andro faharoa	Mpampiofana sy ny mpiofana	
8:45- 10:30	Asa tarika Tarika dimy(5)	Mpiofana	

ORA	LAHADINIKA	TOMPON-ANDRAIKITRA	FITAOVANA AMPIASAINA
	Famolavolana ny tetikasam-piaraha-monina		
10:30- 12:30	Famintinana isan-tarika	Mpiofana	
12 :30-14 :00	**SAKAFO ATOANDRO**		
14:00-15:30	NY PAIKA FISERASERANA Toetra, fihetsika , ilaina @ vehivavy ho kandida		Manuel «Fametrahana ny miralenta ifotony »
15:30-16:00	Famintinana ankapobeny		
ANDRO FAHEFATRA			
8:30-9:00	Fampantsiahivana ny andro fahatelo		
9:00-10:15	Famerenana sy fizarana ho an'ireo kandida : Fanehoana ny tetikasam-piaraha-monina @ haino aman-jery Fotoana hiarahana @ mpanao gazety	Mpampiofana , mpiofana , mpanao gazety	Marihina fa seho atao eo @ toeram-piofanana fa tsy avoaka an-gazety na radio
10 :15-10 :30	**FIANTOANA**		
10:30-12:00	Famerenana sy fizarana ho an'ireo kandida : Fanehoana ny tetikasam-piaraha-monina @ haino aman-jery Fotoana hiarahana @ mpanao gazety	Mpampiofana , mpiofana , mpanao gazety	
12:00-14:00	**SAKAFO ATOANDRO**		
14:00-15:30	FANDRESEN-DAHATRA @ ALALAN'NY FAMPIASAN TEKNOLOJIAN'NY TOROHAY – Famaritana ny INTERNET – Adiresy e-mail – Fomba famoronana kaonty mail – Fijerena boite de reception – Fandefasana mail	Mpampiofana	Manuel «Fametrahana ny miralenta ifotony »
15:30-16:00	Tomban-ezaka	Mpiofana	Fisy tomban-ezaka

<u>Tovana B</u>: LISTR'IREO MPANDRAY ANJARA

ATRIK'ASA MOMBA NY FAMETRAHANA DRAFITR'ASA MOMBA NY MIRALENTA SY NY ADY AMIN'NY HERISETRA

Fandaharana: STAGE 4- 7-8
Firenena : MADAGASIKARA
Toerana : Betioky sud
Daty : 24,25,26,27 /09/2012

N°	Anarana sy fanampiny	Sexe	Andraikitra sahanina	Téléphone	KAONTY MAILAKA VAOVAO
01	RAZAFINDRAMINO Odette	F	Service de district de la population et des affaires sociales	033 75 919 00	
02	SYLVIENNE	F	Mpanentana	033 12 082 48	
03	SOALAZA Armand	M	Fokontany	033 19 799 58	
04	RAZAFIHARISON Samoeline	F	Olon-tsotra	033 07 728 75	
05	MBOLATIANA Noella Aubertine	F	Olon-tsotra		
06	RAMALALANIRINA Marie Lydie	F	Olon-tsotra	020 94 700 15 033 80 644 07	
07	ZAFITOLY Yorline	F	Olon-tsotra	033 74 162 77	
08	Soafiavy	F	Olon-tsotra		
09	LANTONIRINA Arlette	F	Olon-tsotra	033 17 969 25	
10	FAMENONE	F	Olon-tsotra	033 74 180 04	
11	ARIMALALA	F	Olon-tsotra	033 74 499 59	
12	RASOANANDRASANA Frankliny	F	Olon-tsotra		
13	FANOMEZANJANAHARY Faranjaza	F	Olon-tsotra	033 07 728 75	
14	RASOANOMENY Bertine	F	Olon-tsotra		
15	VINELO Jeanne Yopha	F	Olon-tsotra		
16	MINETTE Falerae	F	Olon-tsotra	033 29 339 39	
17	MAMIARISOA Lydia Odette	F	Olon-tsotra	033 08 337 37	
18	ZOROKELY	F	Olon-tsotra		

19	Masy Georgette	F	Olon-tsotra	033 08 157 99	
20	BOZY Vola Marie	F	Olon-tsotra	033 19 893 50	
21	FANOMEZANTSOA Jeanne Clarisse	F	Olon-tsotra	033 14 263 75	
22	LANTONIRINA Marcella	F	Olan-tsotra	033 40 869 50	
23	HOVASOA Remandahatse	F	Olon-tsotra		
24	MBOLA	F	Olon-tsotra	033 08 158 02	
25	SAORENELINE	F	Olon-tsotra	033 75 887 78	

Tahan'isa:

VAVY	24	96 %
LAHY	01	4%
TOTALINY	**25**	**100 %**

Tovana D: FAMOLAVOLANA NY PROJET DE SOCIETE

SEHATRASA	**FOTOTRA IAINGANA ZAVA-MISY**	**TANJONA**	**ASA HO ATAO**
1-FITANTANANA ANKAPOBENY			
I-FANENTANANA EO ANIVON'NY KAOMININA			
Representation	Fahapian'ny vehivavy miasa ato @ kaominina	✓ Hanasoa ny Kaominina misy ahy ✓ Hampandroso ny vehivavy	Fanentanana
Fandraisana anjara	Ny vehivavy tsy miteny	✓ Mila miezaka ny vehivavy handray anjara ✓ Fampitomboana ny isan'ny vehivavy mandray anjara	Fanentanana
II-FANENTANANA SY FANDRAISANA MPIASA ARY FAMPIASANA AZY IREO			
Fifantenana ny fandraisana mpiasa	Ny vehivavy eto dia 85% ny tsy an'asa	Tokony hahena 40% ny tsy an'asa mba hiarovana ny vehivavy tsy hiharan'ny herisetra	Manangana: ✓ Fikambanana ✓ Orin'asa
Fisondrotana @asa sy fanamafisana ny fahaiza-manao	Amin'ny alalan'ny fiaraha-miasa @ONG sy(VOI)vondron'olona ifototra hanome vola sy fitaovana	Fanaovana izay fomba rehetra hahazoana antoka fa hampiasain'ny Kaominina @ vola sy fitaovana omena azy.	✓ Trano fialofana ✓ Trano be fivarotana ✓ Zaitra
Tontolon'ny asa	Tsy misy asa	Tokony hanangana orin'asa ny Kaominina mba hialana ny 85% ny vehivavy tsy an'asa	✓ Mamolavola fanamby na hanombanana ny asa atao ✓ Manamarina fa ireo ezaka ireo dia mizotra ho @

SEHATRASA	FOTOTRA IAINGANA ZAVA-MISY	TANJONA	ASA HO ATAO
			fanatanterahana ny drafitr'asa fampandrosoana ny Kaominina
III-FITANTANANA NY RAHARAHAM-PANJAKANA EO ANIVON'NY KAOMININA			
Sensy Ankapobeny	✓ Tsy ampy ny fisian'ny teknolojia ✓ Tsy misy fotodrafitr'asa	✓ Mivily solo-tsaina ✓ Manangana trano(Maison de Jeune)	✓ Atao lahara-pahamehana anaty tetik'asa ny kaominina(Mangataka vola)
Soram-piankohonana	✓ Betsaka ny olona tsy manana Kopia sy Kara-panondro ✓ Maro ireo olona tsy voasoratra anatin'ny boki;-piankohonana(mariage	✓ Manentana ny olona hamboatra kopia sy Kara-panondro ✓ Manentana ny olona hisoratra(Fanambadiana)	✓ Mitady vola ny mpivady ary vonona hatrany ny Ben'ny Tanana hanao sonia
IV-NY MIRALENTANNEO AMIN'NY LAMIN'ASA FOTODRAFITR'ASA			
Toeram-ponenana	Tsy ara-dalana	Toeram-ponenana ara-dalana	Mitady famatsiam-bola
Rano sy fahadiovana ary herin'aratra	Tsy ampy	Fampakarana ny tanjaky ny herin'aratra Hampiakatra ny Borne Fontaine Tanana madio	Mil hetsika(kaominina)
Fahasalamana	Tsy ara-dalana	Ny hahatonga ny olona hiteraka	Fanentanana

SEHATRASA	FOTOTRA IAINGANA ZAVA-MISY	TANJONA	ASA HO ATAO
		any @Tobim-pahasalamana	CSB
Fanabeazana	Tsy ampy ny efitrqno sekoly	Fidirqnùny wqwq an-tsekoly	Manentana Mila hetsika(FRAM)
Fitaterana	Tsy ampy	Fampitomboana ny koperativam-pitaterana	Fampirisihana an'ireo mpanana fiara
Lalana	Tsy ampy	Mba ho ara-dalana ny vidim-bokatra eto BETIOKY	Fokonolona manao asa fanamboaran-dalana
Tsena	Tsy ara-dalana	Mba ho tsena manara-penitra	✓ Fitadiavana mpamatsivola ✓ Fandaminana
Fanatanjahan-tena Fivoarana ara-piaraha-monina(ara-tsosialy)	Tsy misy fivoarana	Mba tsy hisy tanora hivarilavo @ zava-maha-domelina	✓ Hetsika fitadiavam-bola ✓ Fametrahana Maison de Jeune ✓ Fanamboarana kianja filalaovana
V-RAFI-PITANTANANA NY MIRALENTA			
Rafitry ny miralenta	Vehivavy tsy misy mandray anjara @asa fampandrosoana 0=maire: 1 Conseiller	50% 2015 ny vehivavy mandray anjara	✓ Fanentanana ✓ Mampandray anjara ny vehivavy eo anivon'ny FKB-FKT-COM
Fanamafisana ny fahaiza-manao	Tsy fahaiza-mitantana ny asa ataon'ny vehivavy	Vehivavy mpandraharaha na mpitantana manana trik'efa	✓ Fiofanana ✓ Fifampizarana traikefa ✓ Fanaraha-maso
2-TETIKASA FILAMATRA/LOHANY -HO FAMONGORANA			

SEHATRASA	FOTOTRA IAINGANA ZAVA-MISY	TANJONA	ASA HO ATAO
NYAAHERISETRA ATAO AMIN'NY VEHIVAVY			
Fiarovana	70% ny vehivavy no iharan'ny herisetra ✓ Aara-batana *<u>Oh</u>: vono, kapoka ara-tsaina, famehezan'ny lehilahy tokatrano* ✓ Ara-kasa ✓ Ara-nofo	✓ Vehivavy manana fahafahana miaina araka ny lalana sy ny zony	✓ Manentana momba ny aom'ny vehivavy sy ny ambazotran'ny vehivavy herisetra mianjady aminy ✓ Fananganana ny tambazotran'ny vehivavy
Fandraisana antanana	Vehivavy iharan'ny herisetra: ✓ Ara-batana ✓ Ara-tsaina ✓ Ara-kasa ✓ Ara-nofo	Ho foanana ny herisetra atao @ vehivavy	✓ Fanentanana ✓ Fananganana ny Birao mpandinika ny fitarainan'ny vehivavy "CENTRE D'ECOUTE"
Fanohanana sy fanampiana	Vehivavy tsy ampy fidiram-bola tsy ampy fahaizana	Vehivavy : ✓ Manana fahaiza-manao ✓ Afaka mamelona ✓ Fianakaviany	✓ Fanomezana fanampiana ny vehivavy ✓ Fananganana "FOYER SOCIAL" ho an'ny vehivavy mba hahafahany mampitombo fahalalana ✓ Fanentanana sy Famporisihana azy hifa dray @ hafa

TOVANA E: TOMBAN'NY ATRIKASA

TOMBANA

Lahy/Vavy	☐ Lahy ☐ Vavy					
Firenena	Madagasikara					
Kaominina	Betioky Sud					
Taona	12 - 17 ☐	18 -30☐	31- 40 ☐	41 - 50☐	51 – 60 ☐	60 + ☐
Fianarana	Ambaratonga voalohany ☐	Ambaratonga faharoa ☐	Oniversite ☐	Fanofanana ara-kasa ☐	Fampianarana olon-dehibe ☐	

Tombana:

	Naoty /10
1. Firafitry ny fandaharana amin'ny ankapobeny	**9**
2. Ny votoatin'ny fandaharana	**8,7**
3. Tahirin-kevitra nampiasaina	**8,37**
4. Fampitan'ny tompon'andraikitra ny fiofanana	**9,4**
5. Asa isam-baomiera (travail de groupe)	**8,4**
6. Vokatra azo	**9**
7. Fanajana ny fandaharam-potoana	**7,5**
8. Fahalalana azon'ny mpiofana	**8,96**
9. Tombontsoa eo amin'ny fivelarana	**8,88**
10. Fandaminana ankapobeny (sakafo, toerana, sns)	**8,18**

Fanamarihana

1. **Inona tamin'ny fandaharana no tena nahaliana anao? Antony?**
2. **Inona tamin'ny fandaharana no tsy nilaina? Antony?**

3. **Ahoana ny fomba ampiharanao ireo fahalalana azonao teto amin'ny fiofanana?**

Fanamarihana hafa ?